



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA



BOKY FANAMORANA NY FIOVAM-PIHETSIK'IREEO TOKANTRANO



BushProof



TOROLALANA MOMBA NY FAMPIASANA NY BOKY

NY MOMBA NY BOKY AMIN'NY ANKAPOBENY

Ny tanjon'ny boky dia ny hanamora ny fanetsehana ny tokantrano mandritra ny vangivangy arahin-dinika sy ny dinika anaty vondron'olona, ka hahatonga azy ho Tokantrano Mpitarika sy hahazoany ireo Felam-boninkazo rehetra mifanaraka amin'ireo fihetsika ara-pahasalamana 6 mikasika ny **Rano – Fanadiovana sy Fidiovana (RFF)**, izay voizin'ny RANO WASH.

Misy karazany roa ny pejin'ny boky, ka:

- Ny pejy misy **SARY** : natao ho hitan'ny tokantrano mba hahazoany sary an-tsaina ny dingana misy azy, ny tanjona tiany ho tratrarinna sy ny dingana matnkany amin'izany, hahazoany ilay felam-boninkazo.

- Ny pejy misy **FANONTANIANA** na **TARI-DRESAKA** sy **TOROMARIKA**: ahitan'ny mpanetsika ifotony ireo fanontaniana apetraka amin'ny tokantrano mba hanamora ny fanehoan-kevitra sy fandraisana anjaran'ny tokantrano, ka hirosoany amin'ny fiovam-pihetsika.. Tsy voatery raisina an-tsoratra ny valiny. Ny mpanetsika ifotony dia afaka mameetraka fanontaniana hafa mety hanamora ny fiovam-pihetsiky ny tokantrano.

IREO FIHETSIKA 6 FOTOTRA VOIZIN'NY RANO WASH

Fihetsika 4 fototra

1- Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana izany hoe azo diovina – misarona ny lavaka – misy fanasana tanana , sy tsy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa; ary (i) Mandraraka lavenona ao anatin'ny lavaka kabone isaky ny avy mangery, (ii) Mampiasa « pot tsy mampihinan-tay »ny zaza izay tsy afaka mampiasa kabone, (iii) Manarona ny lavaky ny kabone sy/na "pot" sy/na ny fitoeran'ny taratasy na fitaovana avy nifirana, (iv) Manadio ny kabone.

*(a) *Io Kabone io dia mety amin'ny rehetra ao an-tokantrano (na lahy na vavy, bevohoka na tsy, na ankizy na tanora na olon-dehibe na antitra, na manana fahasembanana na tsy), (b) ary Mandray anjara amin'ny fikarakarana ny kabone avokoa ny ao an-tokatrano.*

2- Manasa tanana amin'ny rano sy savony, ka manana Fitaovam-panasana Tanana miaraka amin'ny rano sy savony. Manasa Tanana amin'ny savony isaky ny (i) mialohan'ny hikarakarana sakafo, (ii) mialohan'ny hisakafo, (iii) mialohan'ny hamahanana na hampinonoana zaza, (iv) rehefa avy nangery, (v) rehefa avy namitra zaza

*(a) *Fanasana tanana mety amin'ny rehetra ao an-tokantrano (na lahy na vavy, bevohoka na tsy, na ankizy na tanora na olon-dehibe na antitra, na manana fahasembanana na tsy); (b) Mandray anjara amin'ny fikarakarana ny toeram-panasana tanana avokoa ny ao an-tokatrano*

3- Mampiasa rano voadio sy azo antoka:

(any amin'ireo kaominina tsy misy fotodrafitr'asa RANO WASH)

Mampiasa Rano avy amin'ny Toerana fakana rano voaaro amin'ny loto izany hoe Paompy mamatsy rano voadio azo antoka NA Lava-drano misarona sy miorina 20 metatra miala ny kabone, ka (i) Mampiasa ary misotro rano avy amin'ny paompy mamatsy rano voadio azo antoka na rano nampangotrahina na rano misy sur'eau. (ii) Manasa ny fitaovana fantsakana amin'ny rano voadio azo antoka sy savony (iii) Manadio matetika ny fitaovana fitehirizana rano amin'ny rano voadio azo antoka sy savony (iv) Manarona ny fitaovana fitehirizana rano

(any amin'ny toerana misy fotodrafitr'asa RANO WASH)

manjifa ny famatsiana rano fisotro madio ataon'ny orinasa mpitantana rano;

**(a) Mety amin'ny rehetra ny toerana fakana rano; (b) Mandray anjara amin'ireo asa tokony atao mba ahazoana rano voadio azo antoka avokoa ny ao an-tokantrano*

4- Manaja ny fahadiovan'ny sakafo, ka manana Toerana voatokana sy voaaro amin'ny loto anasana ny sakafo sy fitaovan-dakozia, ary: (i) manasa ny voankazo sy ny legioma manta amin'ny rano voadio azo antoka, (ii) Manasa fitaovan-dakozia amin'ny rano voadio azo antoka sy savony aorian'ny ampiasana azy, (iii) Mihinana sakafo masaka sy mafana, (iv) manarona ny sakafo, (v) Mampilalao ny zaza mandady sy miana-mandeha amin'ny toerana voaaro amin'ny loto

**(a) Mety amin'ny rehetra ny toerana voatokana anasana sakafo sy fitaovan-dakozia; (b) Mandray anjara amin'ireo asa tokony atao hampadio ny sakafo sy ny fitaovan-dakozia avokoa ny ao an-tokantrano*

Fihetsika faha-5 fanampiny



5- Mahay mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana, ka misy toerana fisasana ao an-tokantrano, izany hoe Efitra fisasana (douche) misy rano sy savony. Ka ao an-tokantrano dia: (i) Misasa matetika ny vehivavy sy ny tovovavy mandritra ny fadimbolana (ii) Manasa ny salaka amin'ny rano sy savony isaky ny avy ampiasaina ary manapy izany amin'ny masoandro ny vehivavy sy ny tovovavy, (iii) – Tsy menatra ary tsy misalasala miresaka mahakasika ny fadimbolan'ny vehivavy ny rehetra ao an-tokantrano satria voajanahary izany.

**(a) Mety amin'ny rehetra ve ny toerana fisasana; (b) Mifanampy ny ao an-tokantrano mba ahafahan'ny vehivavy/tovovavy miatrika fadimbolana am-pilaminana*

Fihetsika faha- 6 Hita taratra anatin'ireo fihetsika 4 fototra sy ny fihetsika faha-5 fanampiny :


6- Miara-mandray andraikitra ny lahy sy ny vavy mba hahatantekera ireo fihetsika ara-pahasalamana mikasika ny Rano – Fanadiovana sy Fidiovana, ao an-tokantrano. Ny momba lo Fihetsika faha-6 io dia voasoratra anatin'ireo fihetsika tsirairay, iahavan'ny marika *(a) sy (b).

Iza amin'ireto sary ireto no manakaiky indrindra ny zavatra iainanareo amin'izao fotoana izao?




Fihetsika I : Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana sy tsy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa

TARI-DRESAKA




Ohatry ny ahoana ny toerana fangerenareo (rindrina, varavarana, gorodona, lavaka, sns....)? Fa maninona?

(Raha mampiasa kabone ilay tokantrano, dia tanterahana eo akaikin'ny kabone ny tohin'ny dinidinika, na madio na tsy madio ilay kabone)



Inona no olana atrehina rehefa mampiasa io toeram-pangerena io:

- Maimbo ve?
- Mora feno ve ny lavaka?
- Tery ve?
- Ampiasain'ny tokantrano hafa ve?
- Mandray anjara amin'ny fikarakarana ny kabone daholo ve ny mpampiasa azy?
- Aiza ny fanasana tanana?
- Mora diovina ve?
- Mora mirodana ve?
- Be mpampiasa ve?
- Misy fanasana tanana ve eo akaikiny?
- Afaka ampiasain'ny rehetra ao an-tokantrano ve?
- Aiza ny zaza tsy mahay mampiasa kabone no mangery?



Inona ny fiantraikan'izany aminareo?

Inona amin'ireto vahaolana ireto no mety azonareo tanterahana? Misy vahaolana hafa ve?



Miditra ho mpikambana VOAMAMI




Manakarama mpanamboatra
kabone manara-penitra



Miara-misalahy ny lahy sy ny vavy
manamboatra kabone






TOLOTRA KABONE
MANARA-PENITRA
AMIDIN'NY MPANDRAFITRA
ENY AN-TOERANA



Fihetsika I : Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana sy tsy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa

TARI-DRESAKA (*Tohiny*)

-  Inona ary ny vahaolana avy aminareo hamahana ireo olana ireo?
-  Raha mety aminareo, dia misy vahaolana maromaro afaka zaraiko aminareo, mety hahaliana anareo ve?
- raha mahaliana ny tokantrano dia azavaina azy araka ireo sary ao ambadika (Voamami – Maçon local sns.)*
-  Raha te-hifandray @ "Maçon local " akaiky indrindra dia
-  Raha te-hifandray @ Agent villageois/PSP azo iresahana momba ny VOAMAMI:
.....
-  Inona ary ny vahaolana mety aminareo hahazoanareo haingana ilay kabone irinareo?

(Raha mampihindrana kabone amin'ny tokantrano hafa tsy manana) Ahoana no ataonareo mba hananan'ny tokantrano mihindrana kabone aminareo, kabone azy manokana ihany koa?

Mariky ny tokantrano Mpitarika – Felana Mavo raha mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana



Arahabaina ianareo nahazo ny felam-boninkazo mavo!
Hita tarattra sahady fa tena ho tokantrano mpitarika!



Fihetsika I : Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana sy tsy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa

Rehefa **Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana (azo diovina – misarona – misy fanasana tanana) sy tsy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa** ny tokantranonareo dia homarihintsika amin'ny Felam-boninkazo MAVO izany. Ny tanjona dia feno ny felam-boninkazo rehetra hanamarihana


fa ity

tokantrano ity dia tena tokantrano mivoatra:

TOKANTRANO MPITARIKA

Rehefa hanome ilay felam-boninkazo dia hanontaniana ny tokantrano momba ny fahafa-pony mikasika ny ezaka vitany sy ny fiovana nentin'izany ezaka izany.


**Iza amin'ireto sary ireto no manakaiky indrindra ny zavatra
iainanareo amin'izao fotoana izao?**



Fihetsika 2 : Manasa tànana amin'ny rano madio sy savony

TARI-DRESAKA

Tanterahina eo akaikin'ny toeram-panasana tanana ny dinidinika, raha misy izany



Iza no tena mazoto manasa tanana ato an-tokantrano ?



Ahoana ny fomba fanasanareo tanana? Inona avy ny fitaovana ampiasainareo?



Afaka mampiasa ilay fanasana Tanana daholo ve ny ato an-tokantrano?



Iza no mamenno rano an'ireo Fanasana Tanana?



(raha tsy manasa tanana amin'ny savony)) Inona no manahirana amin'io fomba fanasana tànana io?:


- Adiny firy vao madio ny tanàna?
- Mora manala ny loto amin'ny tanana ve?
- Manala ny loto tsy hita maso toy ny mikraoba mety hankarary ny kibo ve?



Inona ny vahaolana?


Manana sosokevitra aminareo aho raha mety aminareo: **Mampiasa savony : hosotra kely tsy ampy iray minitra monja dia miala ny loto rehetra (na ny hita maso na ny tsy hita maso), amin'ny vidiny mirary.** Hanamorana izany dia misy ny fitaovana fanasana tànana sy savony izay mety mahaliana anao. Jereo ange ito e! Azonao atao ny manamboatra na koa ny mividy!

Fotoana inona amin'ireto amin'ny sary ireto no tena hanasanareo tanana?




Fihetsika 2 : Manasa tànana amin'ny rano madio sy savony


TARI-DRESAKA



Impiry manasa tànana ianareo ao anatin'ny iray andro ? Isaky ny inona? Maninona?



Inona ihany koa ny fotoana tokony hanasantsika tanana kanefa tsy voalaza teo?



...Marina izany lazainareo izany, ho fanampiny sy ho famintinana ny efa nolazainareo dia ireto ary ny fotoana 5 fototra hanasana tanana (*atoro ny tokantrano ireo sary ao ambadika*)
Inona amin'ireo fotoana ireo no mora hanasana Tanana? Inona no vahaolana azonareo raisina mba hanamorana ny fanatanterahana fanasana tànana amin'ireo fotoana ireo?

**Ndao ary hoe isika sy ianao hiara-hanasa tànana amin'ny savony
hanatanterahantsika izany araka ny tokony ho izy (fampisehoana)**

(Jerena ny fomba fanasany tànana ary mifanoro amin'ny tokantrano ny amin'ireo teknika mampadio tsara ny tanana)

Mariky ny tokantrano Mpitarika – Felana Volomboasary raha manasa tanana amin'ny savony



Arahabaina ianareo nahazo ny felam-boninkazo volom-boasary!
Hita taratra sahady fa tena ho tokantrano mpitarika!








Fihetsika 2 : Manasa tànana amin'ny rano madio sy savony

Rehefa **Manasa tanana amin'ny savony mandritra ireo fotoana fototra 5** ny tokantranonareo dia homarihantsika amin'ny Felam-boninkazo **VOLOMBOASARY** izany. Ny tanjona dia ho feno ny felam-boninkazo rehetra hanamarihana fa ity tokantrano ity dia tena tokantrano mivoatra:

TOKANTRANO MPITARIKA.


Rehefa hanome ilay felam-boninkazo dia hanontaniana ny tokantrano momba ny fahafa-pony mikasika ny ezaka vitany sy ny fiovana nentin'izany ezaka izany.

Iza amin'ireto sary ireto no manakaiky indrindra ny zavatra iainanareo amin'izao fotoana izao?




Fihetsika 3 : Mampiasa rano voadio azo antoka

TARI-DRESAKA



Ohatry ny ahoana ny toerana fakanareo rano?


(*raha azo tsidihina dia miara-mitsidika ilay toeram-patsakana rano*)




(*raha toeram-patsakana tsy voaaro*) Inona ny olana mahakasika io fakanareo rano io?

- Voaaro amin'ny loto ve?
- Lavitra ve?
- Sarotra hatsakana ve?

Impiry maka rano isan'andro? Mandany adiny firy eo ho eo ? Mety amin'ny rehetra ve ny toerana fakana rano? Iza no miantoka ny fahazoana rano ato an-tokantrano?



Inona ny fiatraikan'izany aminareo? Inona no mety vahaolana azo raisina afahana miatrika izany olana izany? (*raha misy fotodrafitr'asa RANO WASH*) Raha mahaliana anareo, ny RANO WASH dia manamora ny fahazoan'ny tokantrano rano, amin'ny vidiny.....Ar





Inona ary ny vahaolana mety aminareo ahazoan'ny tokantranonareo rano voadio azo antoka?



Manao ahoana ny fomba fikarakaranareo ny rano fisotro?



Raha Paompy mamatsy rano voadio azo antoka




Raha Lava-drano voaaro amin'ny loto




Fihetsika 3 : Mampiasa rano voadio azo antoka

TARI-DRESAKA


(Tohizina any amin'ny toerana fitehirizan'ny tokantrano ny rano ny resadresaka (oh:lakozia, sns.))




Inona ny atao amin'ny fitoeran-drano (seau/bidon ...) mialohan'ny hanisy rano ao anatiny?



Inona ny atao amin'ny fitoeran-drano (seau/bidon ...) aorian'ny manisy rano ao anatiny?



Inona no ataonareo amin'ny rano mialohan'ny hisotroana azy?



Hamintinana sy hanampiana izay efa nolazainareo dia indreto ary aseho an-tsary ny fomba fikarakarana ny rano fisotro sy ny fitoerany.

(atoro araka ny sary ao ambadika)

Ndao ary hoe isika hiara-hanao ireo fihetsika ireo raha mbola misy tsy mahazatra antsika (fampisehoana)

(jerena raha efa voadio ny rano hosotroina, jerena raha madio sy misarona ny fitoeran-drano)

Mariky ny tokantrano Mpitarika – Felana Manga raha mampiasa rano voadio azo antoka



Arahabaina ianareo nahazo ny felam-boninkazo manga!
Hita taratra sahady fa tena ho tokantrano mpitarika!



Fihetsika 3 : Mampiasa rano voadio azo antoka

Rehefa **Mampiasa rano voadio azo antoka (voadio ny rano sotroina – madio sy misarona ny fitoerany)** ny tokantranonareo dia homarihantsika amin'ny Felam-boninkazo MANGA izany. Ny tanjona dia ho feno ny felam-boninkazo rehetra hanamarihana fa ity tokantrano ity dia tena tokantrano mivoatra: **TOKANTRANO MPITARIKA.**


Rehefa hanome ilay felam-boninkazo dia hanontaniana ny tokantrano momba ny fahafa-pony mikasika ny ezaka vitany sy ny fiovana nentin'izany ezaka izany.

Iza amin'ireto sary ireto no manakaiky indrindra ny fomba fanaonareo mikasika ny fahadiovan'ny sakafy sy ny fitaovam-piasakafoanana?



Fihetsika 4 : Manaja ny fahadiovan'ny sakafo

TARI-DRESAKA




Aiza ianareo no manasa lovia sy mikarakara sakafo?

(*Avy eo, mankany amin'ilay toeram-panasana lovia sy fikarakarana sakafo; tsara raha mifanindry amin'ny fotoana fanasana lovia na fikarakarana sakafo ity fitsidihana ity*)

Ahafahana miantoka ny fahadiovan'ny lovia sy sakafo ve izy io?


Manao ahoana ny mety hanatsarana azy? Mety amin'ny rehetra ato an-tokantrano ve io toerana io?

Iza no mikarakara sakafo ? Iza no manasa lovia?




Inona no mety olana sedraina rehefa mampiasa azy io?


- Miaro tsara ny sakafo sy ny lovia amin'ny loto ve ?



Raha misy ny olana, Inona no kasainareo atao mba hamahana izany olana izany?




...Marina tokoa izany, hanampiako ny teninareo, raha mety aminareo, dia ireto amin'ny sary ireto misy vahaolana (olona manasa lovia @koveta akaikin'ny trano, na amin'ny « évier ») . Ny tanjona dia ny mba hiarovana ny sakafo sy ny fitaovam-pihinana amin'ny loto




Inona ary ny vahaolana mety aminareo ahazoan'ny tokantranonareo toeram-panadiovana sakafo sy lovia voaaro amin'ny loto?

Inona no ataonareo mba hikajiana ny fahadiovan'ny sakafo sy ny fahadiovan'ny toeram-pilalaovan'ny zaza mandady sy miana-mandeha




Fihetsika 4 : Manaja ny fahadiovan'ny sakafo

TARI-DRESAKA



Ahoana ny fanaonareo mialohan'ny hihinana voankazo sy legioma?




Mba atoroy ahy hoe ny fikarakaranareo sakafo mahafa-po ny ato tokantrano?
(dinihina tsara ny fomba fanaony ary henoina ny fitantarany izany..)

Tena mahaliana tokoa ny fikarakaranareo sakafo, misaotra amin'ny fifampizarana. Izaho koa te-hizara aminareo ireo fihetsika fototra tokony hananan'ny mpikarakara sakafo mba hihinan'ny tokantrano sakafo azo antoka (atoro ny sary ao ambadika).

Ndao ary hoe isika hiara-hanao ireo fihetsika ireo raha mbola misy tsy mahazatra antsika (fampisehoana)

(jerena raha efa voasasa ny voankazo sy legioma, raha efa nandrahoina sy nosaromana ny sakafo)



Raha ny hevitrareo, maninona no sasana sy saromana ny sakafo?
Aiza no milalao ny zaza mandady sy miana-mandeha ?

Mariky ny tokantrano Mpitarika – Felana Maitso raha manaja ny fahadiovan'ny sakafo



Arahabaina ianareo nahazo
ny felam-boninkazo maitso!
Hita taratra sahady fa tena
ho tokantrano mpitarika!




Fihetsika 4 : Manaja ny fahadiovan'ny sakafo

Rehefa **Manaja ny fahadiovan'ny sakafo (manadio lovia sy sakafo anaty toerana voaaro amin'ny loto – mihinana voankazo sy legioma voasasa amin'ny rano madio – mihinana sakafo masaka tsara ary misarona)** ny tokantranonareo dia homarihantsika amin'ny Felam-boninkazo MAITSO izany. Ny tanjona dia ho feno ny felam-boninkazo rehetra hanamarihana fa ity tokantrano ity dia tena tokantrano mivoatra:
TOKANTRANO MPITARIKA.

Rehefa hanome ilay felam-boninkazo dia hanontaniana ny tokantrano momba ny fahafa-pony mikasika ny ezaka vitany sy ny fiovana nentin'izany ezaka izany.

Iza amin'ireto sary ireto no manakaiky indrindra ny fomba fanaonareo rehefa midio: misasa?



Fihetsika 5: Mahay mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana

TARI-DRESAKA



Aiza ianareo no misasa (na lahy na vavy)?
(miara-mitsidika ilay toerana ny mpanetsika ifotony sy ny tokantrano)



Inona ny olana sedraina rehefa misasa any amin'io toerana io? Manao ahoana ny iainan'ny vehivavy ny fisasana any rehefa fadimbolana?

- Voaaro tsara amin'ny loton'ny rano ve ny vatany rehefa misasa ?
- Lavitra ve ilay toerana tokony isasany? Afaka ivezivezeny matetika ve?
- Takona ve ilay toerana sa mety ahitan'ny lehilahy, na ny olon-drehetra azy?
- Mahazo aina tsara ve ny vehivavy rehefa misasa ao?
- Afaka misasa ao fotoana maharitra tsara ve? Sy amin'ny fotoana rehetra ve izy, na maraina be, na hariva be?
- Mety amin'ny rehetra ve ny toerana fisasana?



Inona ny fiatraikan'izany olana izany amin'ny vehivavy sy ny ato an-tokantrano?




Inona no vahaolana noeritreretinareo? Ny fepetra efa noraisinareo ?



Trano fidiovana toy ny ahoana no tianareo amboarina ?


Sao mahaliana anareo:




Mora kokoa ny miatrika fadimbolana
rehefa tohanan'ny ao an-tokantrano.

Fihetsika 5: Mahay mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana

TARI-DRESAKA




Ankoatry ny momba ny trano fidiovana, Manao ahoana ihany koa ny iainan'ny vehivavy rehefa fadimbolana?




Efa nifanakalo hevitra ve ianareo momba ny fanamorana ny fiatrehan'ny vehivavy ny fadimbolana? (*Raha tsia*) Nahoana? (*Raha eny*) Inona ilay olana efa voavaha noho io fifanankalozan-kevitra io?



Inona ny salaka fampiasa? Manao ahoana ny fikojana azy? ? Inona no anasana azy ary aiza no atapy?



Raha mahaliana anareo dia miara-miasa amin'ny mpivarotra salaka azo sasaina izahay, mora ampisaina sady azo averina ampisaina foana....



Raha toa ka mahaliana anareo koa dia miara-miasa @mpandrafitra izahay, afaka manamboatra efitrano fidiovana ho anareo.....



Hamaranantsika ny dinika dia raha fintinina dia rehefa fadimbolana dia toy ireto amin'ny sary ireto no ilaina atao mba hampirindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana (*atoro ny sary*)

Ndao ary hoe isika hiara-hanao ireo fihetsika ireo raha mbola misy tsy mahazatra antsika (fampisehoana)
(jerena ny toerana fanasana ny salaka sy ny fitaovana fanasana izany, ny toerana fanazana ny salaka raha azon'ny masoandro)

Mariky ny tokantrano Mpitarika – Felana Mena raha mahay mandrindra fahadiovana mandritra ny fadimbolana



Arahabaina ianareo nahazo
ny felam-boninkazo mena!
Hita taratra sahady fa tena
ho tokantrano mpitarika!



Fihetsika 5: Mahay mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana

Rehefa **Mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana fadimbolana** (misasa sy misolo salaka matetika ny vehivavy sy ny tovovavy rehefa fadimbolana – manadio ny salaka sy manapy izany amin'ny masoandro izy ireo – mifanakalo hevitra momba ny fadimbolana ny ao an-tokantrano) ny tokantranonareo dia homarihantsika amin'ny Felam-boninkazo MENA izany. Ny tanjona dia ho feno ny felam-boninkazo rehetra hanamarihana fa ity tokantrano ity dia tena tokantrano mivoatra:


TOKANTRANO MPITARIKA.

Rehefa hanome ilay felam-boninkazo dia hanontaniana ny tokantrano momba ny fahafa-pony mikasika ny ezaka vitany sy ny fiovana nentin'izany ezaka izany.

Mirary soa ho an'ny mpanetsika ifotony rehetra amin'ny fanovana ny fihetsiky ny tokantrano! Aza adino fa mampirisika ny tokantrano tsidihinao ny fanatanterahanao ireo fihetsika rehetra voalaza ato anatin'ito boky ito! Noho izany, manomboka aminao ny fiovana sy ny fitarihana.



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA



BushProof

